# TENY FANOLORANA

Ry zandry, zanaka isany,

Avy nandalo vanim-potoana sarotra ny firenena, ny tokantrano tsirairay avy, indrindra fa ny sehatry ny fanabeazana noho ny valanaretina COVID-19. Tsy mitsahatra mitady vahaolana ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena, entina hanampiana ny ankizy ho fanamafisana sy manatsara ireo fahalalàna izay efa norantovinareo tany an-dakilasy.

Manolotra ho anareo ity boky ity àry ho entinareo mampianatena sy mifampianatra ihany koa. Tari-dalana ihany izy ity. Azo atao tsara anefa ny manitatra sy mampihatra izay voarakitra ao amin'ny lesona ankoatra izay efa voatolotra.

Ahitanareo taranja Malagasy, Frantsay ary Kajy ity boky ity. Ireo kilasy manala fanadinana dia nomena tombony manokana amin'ny fampidirana ireo taranja hafa. Ampiasao araka ny tokony ho izy àry izy ity satria hahafahanareo :

- mianatra na mamerin-desona,
- manao fampiharana na fanazarana maro isankarazany,
- mahita sahady ihany koa ny valin'ny fanazarana ao.

Anisan'ny fanamby izay napetraka ny famatsiana fitaovana ho entinareo beazina mampivelatra ny fari-pahalalanareo. Miandrandra vokatra tsara avy aminareo àry amin'ny alalan'ny fampiasana ity boky ity. Ho lohalaharana hatrany ianareo ka hamiratra n'aiza n'aiza ary na inona na inona ataonareo.

Tolorana fankasitrahana ireo rehetra niara-nisalahy, nitoto nahafotsy, nahandro nahamasaka izao fitaovana izao. Tao ny mpiara-miombon'antoka, ireo rehetra nandray anjara mivantana tamin'ny famokarana teto anivon'ny Minisitera : DGES, DGP, DCRP, INFP, DESIP, DEFPE, DSI.

Eto am-pamaranana dia mampirisika hatrany anareo zandry, zanaka hazoto sy ho liana amin'ny famakiam-boky. Mirary anareo hitozo sy hilofo hatrany amin'ny fianarana hahatratra izay tanjona tianareo ho tratrarina ho fampandrosoana an'i Magadasikara.

# FIZAHAN-TAKILA


1 NY SOKAJIN-TENY ANARANA ........ 7
2 NY SOKAJIN-TENY MPAMARI-TOETRA ........ 11
3 NY MATOANTENY ........ 15
4 NY TONTOLO IAINANA ........ 19
5 NY ANKOHONANA SY NY FIANAKAVIANA ........ 23
6 NY TSIRINTENY ........ 29
7 NY TONTOLO IAINANA ........ 33
8 NY FAMENO ........ 37
9 NY RAFITRY NY FEHEZANTENY ........ 41
10 NY ENTI-MILAZA ........ 45
11 NY LAZAINA ........ 49
12 NY TOVONA ........ 53
13 NY FEHEZANTENY ........ 57
14 NY FOTOTENY ........ 61
15 NY LAHATSORATRA MANORITSORITRA ........ 65
16 NY TANINDRAZANA ........ 69
17 NY TSIRIN-TENY SARA-DROA ........ 75
18 NY FANITA-POTOTENY – NY TSOFOKA ........ 77
19 NY ASA ........ 81
20 NY TOETRA TAKIN'NY ASA ........ 85
21 NY TOVANA ........ 87
22 NY FEHEZANTENY TSO-DRAFITRA ........ 89
23 NY FEHEZANTENY MIVADI-DRAFITRA ........ 91
24 NY FOTOTENY VERINDROA ........ 95
25 NY ENDRIKY NY FOTOTENY ........ 99

# NY SOKAJIN-TENY ANARANA



## TANJONA

- Manavaka ny anarana amin'ireo sokajin-teny hafa.
- Mamantatra ny mety ho anjara asan'ny anarana ao amin'ny fehezanteny.
- Mamorona andalan-tsoratra ahitana ireo karazan'anarana ao anaty fehezanteny.

## LESONA HOTADIDIANA

Maro karazana ny sokajin-teny amin'ny teny malagasy, iray amin'ireny ny sokajin-teny anarana.

Misy ny anaran-tsamirery ary misy koa ny anarana iombonana.

Ohatra :

Anaran-tsamirery : Felana, Safidy, Toamasina, Mangoky, Ziona Famonjena, …

Anarana iombonana : olona, vehivavy, fiangonana, sekoly, tetezana, …

Manampy amin'ny fanavahana azy ireo ny fampiasana lohasoratra eo amin'ny fiandohan'ny anaran-tsamirery.

Raha ny anjara asan'ny teny indray no resahina dia afaka mitana ny anjara asa Enti-Milaza (EM) na ny anjara asa Lazaina (L) ao anaty fehezanteny ny sokajin-teny anarana. Saingy raha mitana ny anjara asa L ny anarana dia tsy maintsy misy mpanoritra io anarana io, izany hoe L voasoritra. Afaka mitana ny anjara asa Fameno (F) ihany koa sokajin-teny anarana.

Ohatra amin'ny sokajin-teny anarana mitana ny anjara asa EM :

Mahajanga io toerana io.
EM

Ohatra amin'ny sokajin-teny anarana mitana ny anjara asa L :

Misokatra ny fiangonana.

L

Ohatra amin'ny sokajin-teny anarana mitana ny anjara asa F:

Mitrandraka vato ny mpanao lalana.

F

Hahafahana mamorona anarana ny fampiasana ny tovona famoronana anarana toy ny : f-, mp-, ha-

Ohatra : fijery, mpianatra, haavo

Hahafahana mamorona anarana ny fampiasana ny tsirinteny sara-droa toy ny : ha-… -ana, f-an-… -ana, f-aha-… -ana.

Ohatra : hatsarana, fandresena, fahamarinana

## Sahanasa voalohany

- Tsipiho izay anarana hita ao anatin'ny fehezanteny tsirairay ary mariho na anaran-tsamirery na anarana iombonana :
  - Madio tsara ny tanàna.
  - Manadio efitrano ny mpianatra.
  - Mahajanga io tazana io.
  - Zava-dehibe ny fahavononana.

## Sahanasa faha 2

- Ataovy ao anaty fafana araka ny karazany tokony hisy azy ireto anarana manaraka ireto :

Ikopa, ilay vohitrakely, Befandriana avaratra, Sahondra, ny omby, rano, lehilahy, Akany Fandresena.

| ANARAN-TSAMIRERY | ANARANA IOMBONANA |
|---|---|
| . | . |
| . | . |
| . | . |
| . | . |

- Ataovy mifanandrify amin'ny teny niaviany ireo anarana azo avy amin'ny fampiasana ireto tovona famoronana anarana ireto : f-, mp-

| MATOANTENY | ANARANA |
|---|---|
| manadio | ............................ |
| mianatra | ............................ |
| atondraka | ............................ |
| manatanteraka | ............................ |

## Sahanasa faha 3

- Omeo ny anjara asan'ny teny misy tsipika eo ambany.Madio tsara ny tanàna.
  - Novolena **voninkazo ny tanàna**.
  - **Hazo** io miloko maitso io.
  - Mijinja **vary ny tantsaha**.
  - Salama tsara **i Fitahiana kely**.

## Sahanasa faha 4

- Mamorona lahatsoratra fohy misy fehezanteny miisa dimy ahitana ireo karazana anarana.

2

# NY SOKAJIN-TENY MPAMARI-TOETRA

FITSIPIKY NY TENY

## TANJONA

- Manavaka ny mpamari-toetra sy ireo teny hafa sokajy.
- Mamaritra nysokajin'ireo teny entina manambara ny toetrana zavatra, olona ary biby.
- Mamantatra ireo karazam-pamari-toetra araka ny fiforonany.

## LESONA HOTADIDIANA

Ny antsoina hoe mpamari-toetra dia ireo teny rehetra ilazana toetran'olona, na toetram-biby, na toetran-javatra.
Ny mpamari-toetra dia teny mety mamaritra loko, habe, toetra, bika ary fihetsika.
Maro ny karazana mpamari-toetra araka ny fiforonany :

- Ny mpamari-toetra fototeny
  - **Fototeny tsotra**

ohatra : mafy

  - **Fototeny verindroa**

ohatra : tsaratsara

- Ny mpamari-toetra sampanteny ahitana tsirin-teny :
  - **Tovona –ka**

ohatra : kapotsaka

  - **Tovona m-, ma-, mi-, man-**

ohatra : maloka, marary, midangana, mamanala

  - **Tovana –ina, -ana**

ohatra : vatoina, nofosana

  - **Tsofoka**

ohatra : bilitika

  - **Tsirin-teny sara-droa ka-, ki- …. –ina**

ohatra : kitratraina

• Afaka mandeha irery ao anaty fehezanteny ny mpamari-toetra, na mipetraka eo afaran'ny teny faritany na ihany koa mipetraka eo alohan'ny teny faritany.
• Afaka mitana anjara asa EM na L na RF na ZP ny mpamari-toetra.

## Sahanasa voalohany

• Vakio ny lahatsoratra

Falifaly ny mpianakavy rehefa fety. Misomeby teo an-tokotany malalaka ireo ankizy ka nivovo ilay alika masiaka. Nanolotra omby matavy hovonoina i dadabe. Tsy kahihitra izy. Ny lehilahy matanjaka sy nofosana no namono ilay omby. Nitazana teny lavidavitra teny ny vehivavy malefaka fihetsika sady nampitovy ankanjo maitso daholo.

• Inona ny sokajin-teny tena hita miverimberina ao amin'ny lahatsoratra ?
• Tsipiho izay mpamari-toetra ao anaty lahatsoratra.
• Fenoy amin'ireo mpamari-toetra ireo ny fafana ary asio marika izay faritany : loko, habe, toetra, bika.

| Mpamari-toetra ilazana toetrana | | | Mpamari-toetra mamaritra | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| olona | biby | zavatra | loko | habe | fihetsika | toetra | bika |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |
| | | | | | | | |



## Sahanasa faha 2

| Mpamari-toetra | Fototeny | Fandrasana | Karazany |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |

• Lazao ny toeran'ny mpamari-toetra amin'ireto fehezanteny ireto
  · Falifaly ny ao an-tanàna.
  · Misy toe-javatra mafanafana koa ao.
  · Fotsy tenda ny goaika.
• Omeo ny anjara asan'ny mpamari-toetra ao anaty fehezanteny
  · Falifaly ny ao an-tanàna.
  · Loko tiako ny maitso.
  · Lanonana malaza ny famorana.
  · Mitsimpona izay vaventy ilay mpivarotra ovy.

## Sahanasa faha 3

Mamorona lahatsoratra fohy misy fehezanteny folo eo ho eo mitantara lanonana iray izay natrehina ka ampiasaina ny karazana mpamari-toetra.

# NY MATOANTENY

SOKAJIN-TENY

## TANJONA

- Mahay mamantatra sy manavaka teny araka ny sokajy misy ilay teny. ana ao anaty fehezanteny.

## LESONA HOTADIDIANA

- Manavaka ny matoanteny amin'ireo teny sokajy hafa.
- Mamantatra ny matoanteny araka ny hevitra fonosiny sy ny anjara asany ao amin'ny fehezanteny.
- Manavaka ny samy matoanteny araka ny fiforonany.
- Mamantatra amin'ny ankapobeny ny tsiritenina matoanteny.

### Sahanasa voalohany

a. Diniho ireto sary ireto.



Sary 1



Sary 2

b. Manao inona ireo mpianatra ireo?

→Sary 1 : ..........................................................................................

→Sary 2 : ..........................................................................................

## Sahanasa faha 2

a. Tsipiho izay matoanteny EM amin'ireto fehezanteny manaraka ireto :

- Madio ery ny rivotra eny ambanivohitra.
- Manadio tokontany ny mpianatra isaky ny zoma hariva.
- Mikaroka hatrany ny vaksiny fanefitra amin'ny valan'aretina ireo manam-pahaizana.
- Mahatalanjona ny mijery ireo jiro marevaka.
- Mihamalefaka ny valan'aretina Covid.
- Mampanaja hatrany ireo fepetra mikasika ny valan'aretina ny fanjakana.

b. Rasao ireto matoanteny ireto : odiana, ravana, mitaky, vidina

| Teny | Tovona | | Fototeny | Tovana |
|---|---|---|---|---|
| | Vakiny miova | Vakiny tsy miova | | |
| Odiana | | | | |
| Ravana | | | | |
| Mitaky | | | | |
| Vidina | | | | |

- Atao hoe tsirinteny tovona vakiny miova ny tovona miatomboka amin'ny **m-** satria nahoana ?

→Atao hoe tsirinteny tovona vakiny miova ny tovona miatomboka amin'ny **m-** satria

……………………………………………………………………….

## Sahanasa faha 3

a. Amorony teny hafa vaovao ny fototeny avy amin'ireto matoanteny ireto : odiana, ravana, mitaky, vidina

- ody : ……………………………………………………
- rava : ……………………………………………………
- taky : ……………………………………………………
- vidy : ……………………………………………………

b. Ataovy ao amin'ny tsanganana 1 izay matoanteny ary ao amin'ny tsanganana 2 izay tsy matoanteny amin'ireo teny azo :

| TSANGANANA 1 | TSANGANANA 2 |
|---|---|
| | |
| | |
| | |
| | |

## Sahanasa faha 4

a. Mamorona fehezanteny efatra (4) ka ataovy matoanteny ny EM.

- ……………………………………………………………………………
- ……………………………………………………………………………
- ……………………………………………………………………………
- ……………………………………………………………………………

b. Rasao ireo matoanteny azo ary soraty ny anaran'ny hasinteny tsirairay.

Fehezanteny 1 : ……………………………………………………………
Fehezanteny 2 : ……………………………………………………………
Fehezanteny 3 : ……………………………………………………………
Fehezanteny 4 : ……………………………………………………………

## TANJONA

Hitia, hikajy ary hiaro ny biby sy ny zavamaniry ary ny tontolo manodidina azy.

## LESONA HOTADIDIANA

Ny atao hoe “ tontolo iainana ” dia ny fitambaran’ny zava-boaary rehetra, ahitana ireo izay manana aina sy ny tsy manana aina ary voaray ao anatin’izany koa ny faritra onenany sy ivelomany. Anisan’izany tontolo iainana izany koa, ny endri-pifandraisana amin’ny samy sokajiny avy, ary fifandrohizan’aina mety hitranga ao amin’io faritra io. Raha fintinina izany ny atao hoe tontolo iainana, dia fitambaran’ny zavatra manana aina toy ny olombelona, ny biby, ny zavamaniry, ny zava-manan’aina tsy hita maso « Micro-organisme », ary ny zavatra tsy manana aina toy ny tany, hazavana ary ny rano. Amin’ny ankapobeny dia mizara roa izy dia ny tontolo iainana an-dranomasina sy ny tontolo iainana an-tanety.
Miisa fito (7) ny singa mandrafitra ny tontolo iainana dia : ny masoandro, ny rivotra, ny rano, ny tany, ny zava-maniry, ny biby ary ny olona.

## Sahanasa voalohany

- Lahatsoratra

### Ny fahapotehin'ny ala

Tsikaritra fa ny rivotra an-drenivohitra dia efa simban'ny setroka sy ny entona samihafa. Ny hazo no miantoka ny fanadiovana ny rivotra, nefa indrisy tsy misy firy izany any an-drenivohitra. Noho izany, voatery mivoaka lavitra any ambanivohitra ny olona vao mahazo rivotra madio sy toerana hitsangantsanganana. Tsy ampy koa anefa ny hazo ampiasaina eny ambanivohitra. Manaporofo izany ny manjo ity ankohonana iray ity. Sarotra ho azy ireo ny mahita izay ilainy : ny hazo hanaovana taozavatra, ny ravin-kazo sy ny hodin-kazo, ny vahan-kazo fanao fanafody …, fa ny bozaka sy ny satrana no mameno ny havoana.

Ankoatra izany, kaohin'ny riaka ny nofon-tany ka lavaka sisa mameno ny havoana. Tototry ny antsanga koa ny tanimbary, tsy ampy ny rotsak'orana, hany ka ritra ny rano ary tsy mamokatra intsony ny tany (…). Manjaka àry ny fahantrana, ny hanoanana sy ny tsy fahampian-tsakafo ary ny aretina. Fa inona marina no nahatonga izany ?

Ny doro tanety no antony voalohany. Heverin'ny sasany mantsy fa manamora ny fambolena sy ny fiompiana izany fomba izany. Tsy tsapany anefa ny voka-dratsin'io fandoroana tanety io : ho ritra ny rano, tsy hamokatra intsony ny tany, ho tonga ny " kere " ary dia maro no harary sy ho faty. Antony faharoa mifandraika amin'izany ny fanaovana ny tavy sy ny fandripahana ny ala. Tsy fantany anefa fa raha tsy misy ny ala miaro ny nofon-tany dia ho lasa karakaina io tany io, ka tsy afaka hamokatra intsony. Ho faty ny biby isan-karazany. Ho simba ny zava-maniry sarobidy, … Tanteraka ilay oha-pitenenana hoe " mandrora miantsilany ". " Izay mandoro tanety sy mandoro ala, mandoro tanindrazana ".



- Toromarika
  - Vakio ny lahatsoratra (manaja ny lantom-peo sy ny mari-piatoana)
  - Raiso an-tsoratra izay voambolana tsy mazava ka hazavao.

……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………

- Fanontaniana
  - Inona ireo antony mahasimba ny tontolo iainana, voalaza ao anaty lahatsoratra?

……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
…………………………………………………………

  - Inona ireo endrika isehoan'izany fahasimbana izany eo amin'ny tontolo iainana ?

……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
…………………………………………………………

  - Inona ny vokatr'izany eo amin'ny olombelona ?

……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………
…………………………………………………………

## Sahanasa faha 2

- Manomeza antony hafa mety mahasimba ny tontolo iainana ary ny voka-dratsy entin'izany eo amin'ny olombelona.

| ANTONY HAFA MAHASIMBA NY TONTOLO IAINANA | VOKA-DRATSY EO AMIN'NY OLOMBELONA |
| --- | --- |
| ………………………… | ……………………<br>……………………<br>…………………… |
| …………………………. | ……………………<br>……………………<br>…………………… |
| ……………………………. | ……………………<br>……………………<br>…………………… |

## Sahanasa faha 3

- Milazà antony sy voka-dratsy ateraky ny fahapotehin'ny ala.

……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………

- Manomeza vahaolana mba hampihena ny fahapotehin'ny ala.

……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………





### TANJONA

Mahay mitanisa ireo andraikitra sy fihetsika tokony hananana eo anivon'ny ankohonana sy ny fianakaviana

### LESONA HOTADIDIANA

**Famaritana :**

→Ny atao hoe ankohoanana dia fitambaran'ny ray sy ny reny ary ny zanaka ao anaty tokantrano iray. Ny fitambaran'ny ankohonana maromaro, iray loharano nipoirana no mandrafitra ny atao hoe fianakaviana.

**Ny anjara asa sy anjara toerana eo anivon'ny tokantrano :**

→Misy ny anjara toeran'ny tsirairay ao anatin'ny ankohonana sy ny fianakaviana. Izany anjara toerana izany dia mitaky anjara andraikitra mifanandrify amin'ny tsirairay.

**Ny fototra mampilamina ny fiainan'ny ankohonana sy ny fianakaviana :**

→Mifototra amin'ny fifanajana sy ny fifankatiavana ny firindran'ny fiainan'ny ankohonana

Mitaky fihetsika amam-pitondran-tena mendrika ny fiainam-pianakaviana mirindra, izany dia mifototra amin'ny anjara asa sy ny anjara toeran'ny tsirairay.
Fatra-panaja ny ray aman-dreny ny Malagasy ary maro ny ohabolana sy ny oha-pitenenana nentiny nanoharana izany rohim-pfandraisana nanjakan'ny fifankatiavana sy fifanajana fatratra izany.
Fatra-mpanaja ny loharano nipoirana ny Malagasy ka tsy mba natao ambanin-javatra izany ray aman-dreny izany. Tsy azo atao ohatra ny

miteny imason'ny ray aman-dreny fa mangata-dalana raha tsy maintsy hiteny, ny mitsako alohan'ny vazana, sy ny sisa maro be.

**Ohabolana sy oha-pitenenana :**
" Velona iray trano, maty iray fasana "
"Mpirahalahy mianala, izy tokiko, izaho tokiny"
"Manan-joky miangola, manan-jandry mihanta"
"Manan-joky afak'olan-teny, manan-jandry afak'olan'entana "
"Zoky toavina, tsy andrina; zandry manoa tsy andevo"
**Teny hiantsoana ny Ray aman-dreny =**
Siny be manga roa
Masoandro amam-bolana
Loharano nipoirana

## Sahanasa voalohany

Lahatsoratra :

**Izy mianadahy**

Sabotsy ny andro. Tsikaritr'i Raozy fa efa manomana ny diany hiasa i dada, mpandrafitra mantsy izy, ary efa mamboatra ny entam-barotra ho entina eny an-tsena koa i Neny. Vao nifoha maraina i Raozy dia namonjy namita ny asany.
Natombony tamin'ny fampirimana ny efitra fandriana izany ary nikisaka nankany an-dakozia rehetra any. Rehefa tonga i Bera zokiny avy natsaka dia notohizany tamin'ny famoahana ireo lamba maloto indray izany nony atoandrotoandro. Sady mivezivezy mijery ny nahandro matetika eo izy no mamita izany sasa lamba izany ary i Bera kosa manohy ny vaky kitay fanaony rehefa tsy mianatra toy izao.



Mahatehotia ery ny mijery azy mianadahy ireto noho jzy ireo mahay mifandefitra sy mifanampy mandrakariva amin'ny asa aman-draharaha ary indrindra fa ny fianarana. Mahatsiaro sambatra ihany koa ireo ray aman-dreniny satria manana zanaka mpankatoa.

- Mamaky mangina ny lahatsoratra aho.
- Mamaky ny lahatsoratra amin'ny feo antonony aho ary manaja ny lantom-peo sy ny mari-piatoana.
- Manadihady ny lahatsoratra aho

1-Tadiaviko ao anaty lahatsoratra ny teny mitovy hevitra amin'ireto:
Andraikitra =
Mifarimbona =

2- Tadiaviko ao anaty lahatsoratra ireo teny mifanohi-kevitra amin'ny hoe:
Nofaranana ≠
Mpaniratsira ≠

3-Soritsoritako amin'ny alalan'ny famenoana ity fafana ity ny mombamomba ireo mpandray anjara: ny andraikiny sy ny asa ataony, ny toerana ary ny fotoana isehoan'ny sehatra tsirairay

| Mpandray anjara | Andraikiny eo amin'ny ankohonana | Toerana | Fotoana |
|---|---|---|---|
| I Dada | | | |
| I Neny | | | |
| Raozy | | | |
| Bera | | | |

## Sahanasa faha 2

- Fenoina amin'ny rohimpim-havanana misy ny fafana

| ANKOHONANA | ROHIM-PIHAVANANA |
|---|---|
| BERA SY RAOZY | ………………………………………… |
| DADA SY RAOZY | ………………………………………… |
| DADA SY NENY | ………………………………………… |
| BERA SY DADA | ………………………………………… |
| RAOZY SY NENY | ………………………………………… |
| DADABE SY DADA | ………………………………………… |
| RAHALAHIN'I DADA SY I NENY | ………………………………………… |
| NENY EO IMASON'NY RAY AMAN-DRENIN'I DADA | ………………………………………… |

- Arafitro an-tsoratra ny hevi-dehibe mifandraika amin'ny tanjona avy amin'ny fanohizana ireto fehezanteny ireto amin'ireto andian-teny manaraka ireto: "ny ray sy reny ary ny zanaka", " ny ankohonana maromaro misy rohim-pihavanana"

Ny antsoina hoe ankohonana dia ny fitambaran'……………………
Ny antsoina hoe fianakaviana iray dia fitambaran' …………………



## Sahanasa faha 3

1. Tsipihiko izay teny entina milaza ny hoe" Ray aman-dreny" amin'ireto: Lanitra sy masoandro- kintana sy volana – siny be mangamanga- siny be manga roa- masoandro amam-bolana- nahitana masoandro – masoandro miposaka

2. Karohiko ny tohin'ireto ohabolana sy fomba fiteny manamafy ny firaisankina sy fifanajana eo anivon'ny ankohonana ireto:
   - " Velona iray trano, ……………………………………… . "
   - "Mpirahalahy mianala; ……………………………………….. "
   - "Manan-joky ………………., manan-jandry……………………….."
   - "Manan-joky………………….., manan-jandry ……………… "
   - "Zoky toavina, ……………………..; zandry manoa……………… "

3. Tsoahiko ny toetra amam-pihetsika mampirindra ny tokantrano amin'ny fampifandraisana ireo amin'ny tsilo

| | |
|---|---|
| Mirindra ny tokantrano rehefa • | • tsy misy fifanajan'ny mpianakavy<br>• mpimamo lava ny raim-pianakaviana<br>• mankatoa ray aman-dreny ny zanaka |
| Mikorontana ny tokantrano rehefa • | • manjaka ny fifandeferana<br>• misy ny fifanajana<br>• tsy mahakarakara ny akohonany ny reny<br>• tsy mialangalana ny zanaka |

TANJONA

Manavaka ny antsoina hoe tsirinteny sy mamantatra ireo karazana tsirinteny.

LESONA HOTADIDIANA

**Famaritana :**

Ny atao hoe tsirinteny dia teny kely mitsiry eo akaikin'ny fototeny. Mety ho eo aloha, na ao aoriana, na aloha sy ao aoriana, na mety ho eo am-povoany ihany koa aza.

**Ny karazana tsirinteny :**

Ny TOVONA dia izay tsirinteny mipetraka eo alohan'ny fototeny.

Ny TOVANA dia izay tsirinteny mipetraka ao aorian'ny fototeny.

Ny tsirinteny sara-droa dia izay tsirinteny mizara roa ka ny tapany voalohany dia eo aloha (tovona).ary ny tapany faharoa dia ao aorian'ny fototeny (tovana).

Ny TSOFOKA dia izay tsirinteny mitsofoka eo am-povoan'ny fototeny.

## Sahanasa voalohany

1. Manoratra izay fantatro momba ny tsirinteny aho (anaty andalana iray)

……………………………………………………………………………

2. Mijery ireto teny fampiasa matetika ireto aho.

"Mikasa, kasaina, kinasa, ikasana"

3. Fantarina ny fototenin'ireo teny ireo.

"Mikasa, kasaina, kinasa, ikasana":

……………………………………………………………………………

4. Avahana ny tsirinteny manodidina an'ireo fototeny ireo.

Oh: mikasa: mi - kasa

Kasaina: ……………………….

kinasa: ……………………….

ikasana: ……………………….

5. Fenoina ny fafana amin'ny fandrasana ny teny.

| Teny | Tovona (eo alohan'ny fototeny) | Fototeny | Tsofoka (mamaky ny fototeny) | Tovana (aorian'ny fototeny) | Tsirinteny sara-droa (eo aloha sy ao aorian'ny fototeny) |
|---|---|---|---|---|---|
| Mikasa | | | | | |
| Kasaina | | | | | |
| Kinasa | | | | | |
| Ikasana | | | | | |



## Sahanasa faha 2

Manatsoaka hevitra aho isaky ny mahavita toromarika iray:

1) Tadiaviko ny fototenin'ireto teny ireto ary asongadiko ny toerana misy ny tsirinteny rehetra ao: miserana, mahay, manety, avela.

Oh: Miserana: m-i – serana (fototeny serana; tsirinteny manampy azy: mi - )

Mahay: ………………………………………………………………..

Manety: ………………………………………………………………

Avela: ………………………………………………………………

Tsoakevitra :omeko ny famaritana ny hoe "tovona":

……………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………

2) Tadiaviko ny fototenin'ireto teny ireto ary asongadiko ny toerana misy ny tsirinteny rehetra ao:antsoina, raràna, lazaina, tapahina.

Oh: antsoina: antso-ina (fototeny antso ; tsirinteny manampy azy: - ina )

Raràna:……………………………………………………………………

Lazaina: ……………………………………………………………………

Tapahina: …………………………………………………………………

Tsoakevitra:omeko ny famaritana ny hoe "tovana":

……………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………

3) Tadiaviko ny fototenin'ireo teny ireo ary asongadiko ny toerana misy ny tsirinteny rehetra ao: ifaliana, andraisana, ahatongavana, ijoroana

Oh: ifaliana: i – fali – ana (fototeny fali ; tsirinteny manampy azy: i - . . . - ina )

Andraisana: ………………………………………………………………

Ahatongavana: ……………………………………………………………

Ijoroana: ……………………………………………………………………………..................

Tsoakevitra:omeko ny famaritana ny hoe "tsirinteny sara-droa":
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………

4) Arafitro an-tsoratra ny hevi-dehibe mifandraika amin'ny tanjona ary ezahiko faritana ny atao hoe: tsirinteny
Ny tsirinteny
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………………

### Sahanasa faha 3

Misedra ny fahalalako aho ary mampihatra izany amina sehatra hafa ka Fenoina izay banga amin'ny fafana misy kiefitra hahafahako manavaka ireo karazana tsirinteny sy fototeny.

| TENY | TSIRINTENY | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | tovona | fototeny | tsofoka | tovana | Sara-droa |
| - | Manka- | to | | | |
| misasatra | - | sasatra | | | |
| - | Man- | be | | | |
| mitomany | - | - | - | | |
| - | | raraka | | | |
| - | | valy | | | |
| - | | soa | | | Ana-….-v-ana |



## TANJONA

Mpianatra mahay mitia, mikajy ary miaro ny biby, ny zava-maniry sy ny tontolo manodidina azy.

## LESONA HOTADIDIANA

**Famaritana:**
Ny tontolo iainana dia fitambaran'ny zavaboaary manodidina sy ny voatr'olombelona rehetra.

**Ny fikajiana ny tontolo iainana :**
Mila fikarakarana manokana sy fikajiana ny tontolo iainana satria miantoka ny fahasalamana sy ny fiainana'ny olombelona izy.
Ny tontolo iainana no miantoka ny fiainan'ny olombelona satria ireo singa ao anaty tontolo iainana no mamokatra sy manome izay rehetra ilain'ny olombelona, toy ny tany, ny rivotra, ny hazo sy ny sisa maro be.

## Sahanasa voalohany

- Avao ato anatin'ity fafana ity ireo singa mandafitra ny tontolo iainana rehetra voatanisa etsy ambony.

| Singa eo amin'ny tontolo iainana | |
|---|---|
| Zavaboaary | -……………………………………..<br>-……………………………………..<br>-……………………………………..<br>-…………………………………….. |
| Voatran'olombelona | -………………………………………<br>-……………………………………… |

- Omeo eto ambany araka izany ny famaritana ny atao hoe: tontolo iainana

- Fenoy X ny fafana

| Fehezanteny | Eny | Tsia |
|---|---|---|
| Tsy maintsy vonoina ny bibidia fa mampatahotra. | | |
| Ny fanaovana maloto eny amoron-drano dia fandotoana ny tontolo iainana. | | |
| Tsy misy fiatraikany amin'ny toe-trandro ny fanimbana ny ala. | | |
| Ny fanaovana maloto eny amoron-drano dia fandotoana ny tontolo iainana. | | |
| Mitondra fahasalamana ny fanasana lamba eny amin'ny renirano. | | |
| Manana anjara amin'ny fiarovana ny tontolo iainana ny mpianatra tsirairay. | | |

- Lazao amina fehezanteny iray ny anjara toeran'ny biby eo amin'ny olombelona
  - Sakafo :…………………………………………………………………..
  - Fizahantany: ………………………………………………………………
  - Fitaovana : ……………………………………………………………….
  - Harena : ……………………………………………………………………
  - Fomba : …………………………………………………………………….

## Sahanasa faha 2

- Asio tsipika eo amban'ireo izay vokatry ny tontolo iainana madio ary ataovy ao anaty mahitsizoro ireo vokatry ny tontolo iainana maloto
  - Mihanaka ny aretina.
  - fahafinaretan'ny maso.
  - Ripaka ny biby.
  - Maloto ny rivotra iainana.
  - Fiarovana ny biby.
  - Mitondra fahasalamana.
- Ampifandraiso amin'ny alalan'ny tsilo ireto:

| | | | |
|---|---|---|---|
| Fandoroana tanety | • | • | mamono ny biby. |
| Fanariana fako an-kalamanjana | • | • | manimba ny tany. |
| Fandripahana ny ala | • | • | mandoto ny rivotra. |

- Lazao amina fehezanteny iray ny anjara toeran'ny zava-maniry eo amin'ny olombelona
  - Sakafo: ………………………………………………………………………
  - Fitsaboana : ……………………………………………………………..
  - Fitaovana :………………………………………………………………….
  - Harena : ……………………………………………………………………

## Sahanasa faha 3

- Omeo ary izay antony ilàna ireto singa mandrafitra ny tontolo iainana ireto:
  - Tany:
  - Biby fiompy:
  - Rivotra:
  - Hazo:
  - Rano:

• Fenoy amin'izay tokony ho fiarovana ny tontolo iainana ny fafana.

| Tontolo iainana | Tany | Rano | Ala | Bibidia | Rivotra |
|---|---|---|---|---|---|
| Fiarovana | | | | | |

• Fenoy ny banga amin'ireto ohabolana sy fomba fiteny ireto hanamafisako ny fahalalako.

- «……………………………….., ny tany naniriany no tsara.»
- «Teraka omby fahavaratra, ………………….»
- «Toy ny ladim-boatavo ny olombelona, ……………………… »
- «Izay monina amoron-drano, mahita ny marivo irobohana, izay monina amoron'ala……………………………….»
- Vary tiam-pody, …………………………………………… »

• Mamorona lahatsoratra manoritsoritra maneho ny fifandraisan'ny biby sy ireo zava-manana aina ary ny olombelona. (fehezanteny 10)

Fampidirana

……………………………………………………………………………………………
…………………………………………………………………………………

Famelabelarana

……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………
……………………………………………………………………………………………
…………………………

Famaranana

……………………………………………………………………………………………
……………………..……………………………………





## TANJONA

-Mamaritra sy manavaka ny anjara asan'ny teny fameno ao anaty fehezanteny
-Manoratra fehezanteny ahitana anjara asan'ny teny fameno

## LESONA HOTADIDIANA

**1. Fanamaritana**

Ny fameno (F) dia anjara asan'ny teny na andian-teny ka manampy ny hevitry ny enti-milaza (EM) sy lazaina (L).

**2. Karazany**

Misy karazany 2 ny fameno: ny reny fameno sy ny zana-pameno.

| | Ny reny fameno (RF) | Ny zana-pameno (ZP) |
|---|---|---|
| Famaritana | Teny mameno ny hevitry ny EM | Teny mameno ny hevitry ny L na ny hevitry ny F. |
| Toerany ao anaty fehezanteny | Mipetraka mandrakariva eo akaikin'ny EM | Mipetraka mandrakariva eo akaikin'ny L |
| Fanamarihana | Tsy azo foanana | Azo foanana |
| | Azo avadika ho Lazaina ary manova ny endriky ny EM. | Tsy azo avadika ho Lazaina. |
| Ohatra | Manasa lamba i Neny.<br>EM RF L<br>Sasan' i Neny ny lamba.<br>EM RF L | Miteny ny mpampianatra anay.<br>EM L ZP<br>Manoratra taratsy fangatahan'asa i Dada.<br>EM RF ZP L |

**Sahanasa voalohany**

Avaho ny fameno amin'ireto fehezanteny ireto, ka ataovy ao anaty boribory izay RF ary tsipiho izay ZP.

1. Migaina ny masoandron'ny morontsiraka.
2. Nanoratra taratasy fisaorana ny zokiko.
3. Manakaiky ny fialantsasatra lehibe.
4. Sasao ny tanana alohan'ny hisakafo

**Sahanasa faha 2**

Fenoy amin'ny iray amin'ireto ny fehezanteny. Avy eo, lazao raha RF na ZP izany teny izany:

a-trondro
b- Rakemba
d- midridroka
e-kajy
f- ny zaza matory
g- ao amin'ny kilasy fahenina

1. Mahay ……… . ny ankizy ………….
2. Lavitra ny tanànandry ………….
3. Mivarotra ………….. ry Doda.
4. Manaitra ………… . ny varavaranao ……….

**Sahanasa faha 3**

Amorony fehezanteny ireto teny ireto ka ataovy enti-milaza (EM) ireo ary asio famenony: mandio, mihinana,mianatra, miteny.

Ohatra: Manadio >> Mandio tokontany i Fara.

Mihinana :

…………………………………………………………………………………………

Mianatra:

…………………………………………………………………………………………

Miteny :

…………………………………………………………………………………………

**Sahanasa faha 4**

Amorony fehezanteny ireto teny ireto ka ataovy lazaina (L) ireo ary asio famenony: boky, làlana, fiarakodia, vary.

Ohatra: boky >> Sokafy io boky mena io.

làlana:

…………………………………………………………………………………………

fiarakodia:

…………………………………………………………………………………………

vary :

…………………………………………………………………………………………

## TANJONA

- Mamantatra sy mandrafitra fehezanteny araka ny karazan-drafitra rehetra
- Manavaka ny fehezanteny mivadi-drafitra
- Mahafolaka ny teknikan'ny fandrasana sy ny rafi-pehezateny ary mampiasa izany
- Manoratra fehezanteny tso-drafitra sy mivadi-drafitra

## LESONA HOTADIDIANA

**1. Fanamaritana**

Ny rafi-pehezanteny dia voafaritry ny toeran'ny enti-milaza (EM) sy ny lazaina (L) ao anaty fehezan-teny.

**2. Karazany**

Roa ny karazana rafi-pehezanteny:

- fehezanteny tso-drafitra: EM mialoha ny L
- fehezanteny mivadi-drafitra: L mialoha ny EM.

| Fehezanteny | Antony | Fitsipika | Ohatra |
|---|---|---|---|
| tso-drafitra | Tiana hasongadina ny enti-milaza (EM) | EM + L | Matory ny zaza. |
| | | | |
| mivadi-drafitra | Tiana hamafisina ny lazaina (L) | L + dia (kianteny) + EM | Ny zaza dia matory.<br>na |
| | | L + no (kianteny)+ EM | Ny zaza no mitomany |

3. **Fanamarihana**

a.Tsy miova ny hevitry ny fehezanteny tso-drafitra rehefa atao ho mivadi-drafitra izy.

b.Azo ovana ho tso-drafitra ny fehezanteny mivadi-drafitra ary azo ovana ho mivadi-drafitra ny fehezanteny tso-drafitra.

## Sahanasa voalohany

Indreto misy fehezanteny maromaro.

Fzt 1: Dadatoa Robera no filohan'ny fokontaninay.
Fzt 2: Faly i Rova sy i Bera.
Fzt 3: Ilay hazo eo andrefana no hotapahina.
Fzt 4: Namboly voamanga izahay sy i Dadabe.
Fzt 5: I Zara Omby no nitomany.

Fanontaniana:

1. Lazao ny anjara asan'ny teny ao anatin'ireo fehezanteny ireto.
2. Lazao ny rafitry ny fehezanteny. Porofoy ny valin-teninao.



## Sahanasa faha 2

1. Ao anaty vondrona, vakio ny lahatsoratra.

**Tapitra ny haintany!**

I Bera bitro sy i Rova saka dia mpinamana hatry ny ela. Indray andro, hoy i Bera tamin'i Rova.
« Ndao isika hitsangatsangana any amoron-drano. Reraka aho izany. »
"Ndao ary e!", hoy i Rova. "Sady misy hazo maintso mavana azo ialofana tsara izay any!"
Nony tonga teny amoron-drano …
"Oay! Bera a! Fa toa maina ilay hazo be nidoroboka tery! Ny tany koa dia karakaina!"
"Iza izany mitomany izany? » Hoy i Bera.
"Mmm mmmmm mmmmm", hoy ny hazo. "Haintany anie izao e! Nihena be ny rotsakorana, efa ho taona iray izao. Ny renirano atsy avaratra moa dia ritra mihitsy!"
Nitaraina i Zara omby. "Karakaina ny tany ka tsy misy bozaka maniry hataonay sakafo. Noana izahay! »
"Ao fa horesahinay ny olombelona. Izy ireo no hamboly hazo. Ho avy indray ny orana amin'izay." Hoy i Bera sy i Rova.
Maro ny hazo novolen'ny olombelona. Avy indray ny orana. Niverina tamin'ny laoniny ny rotsakorana ka ampy ny rano. Naniry ny bozaka aman'ahitra. Maintso ery ny tontolo! Voky ry Zara mianakavy. Tsy ritra intsony ny renirano. Faly ery i Rova sy i Bera milomano tao an-drenirano na dia avy aza ny orana. Tapitra ihany ny haintany!

2. Tsimpony ka avereno soratana izay fehezanteny mivadi-drafitra.

## Sahanasa faha 3

Avereno soratana ireto fehezanteny ireto ka atomboy amin'ny teny ao anaty fonon-teny ny fehezanteny.

Ohatra: Ravan'ny rivo-doza io trano io. (Io trano io)
>> Io trano io dia ravan'ny rivo-doza.

1. Hijinja izay nafafiny ny tsirairay. (Ny tsirairay)

2. Ny saka no nangalatra ny laokanao ka! (Nangalarin'ny )

3. Ny saka no nangalatra ny laokanao ka! (Ny laokanao )

4. A: Iza amin'ireo no rahavavivao?
B: Io vehivavy manao solomaso io no rahavaviko. (Rahavaviko)



### TANJONA

- Mamaritra sy manavaka ireo singa fototry ny fehezanteny (ny enti-milaza);
- Mamantatra sy mamaritra ny teny enti-maneho ny hevitra fototra ao amin'ny fehezanteny (ny enti-milaza).

### LESONA HOTADIDIANA

**1. Famaritana:**

Ny enti-milaza na EM dia anjara asan'ny teny na andian-teny ilazana toetra na ny asa atao na toe-javatra ka mamaly ny fanontaniana : Maninona ? na Manao ahoana ?

**2. Ireo sokajin-teny azo atao enti-milaza**

Matetika dia matoanteny ny enti-milaza. Maro nefa ireo sokajin-teny azo atao enti-milaza ankoatra ny matoanteny toy ny anarana, mpamari-toetra, na mpisolo .

**3. Ohatra**

| EM | Ohatra |
|---|---|
| Teny tokana | Manangona vokatra ny mpamboly. |
| Andian-teny | Tsara tarehy i Soa. |
| Matoanteny | Milalao baolina any an-tsaha ny ankizy. |
| Anarana | Tsena ny andro anio. |
| Pamari-toetra | Ratsy ny andro. |
| Mpisolo | Ao i Dadatoa Ramora. |
| | Io ny reniko. |

**4. Fanamarihana**

Miova araka ny mpisolo ny fanontaniana hamantarana ny EM mpisolo.

## Sahanasa voalohany

1. Vakio ny tononkalo sy ireo fehezanteny etsy ambany.

**Tononkalo:**

Mba mafy asaina ny tanimbary
Kanefa mikiry ny mpiasa tany,
Ny tanany miepaka maharary,
Ikirizany anefa ka vita ihany.
Mba sarotra lahy ny enti-mody!
Ny saina domelina, ny andro lany,
Kanefa ny mpianatra te ho tody,
Mikiry ka farany hainy ihany.

NY RAHONA
in Gasikarako, tak. 15

**Fehezanteny:**

Fzt1: Hariva ny andro.
Fzt 2: Mangatsiaka, manerika ary mamanala ny andro any Ankaratra.
Fzt 3: Ao i Manda no mipetraka.
Fzt 3: Vokatra ny voasary any ambanivohitra.
Fzt 4: Lava sy ranjanana izy.
Fzt 5: Izy no Atoa Radezy, filohan'ny fikambananay.



2. Tsimpony ny EM ao amin'io tononkalo io sy amin'ireo fehezanteny ireo. Apetrao ny fanontaniana toy ny Maninona ? na Manao ahoana ? hanampy anao.

3. Sokajio araka ny fafana etsy ambany ny EM hitanao.

| EM Andian-teny | EM Matoateny | EM Anarana | EM Mpamaro-toetra | EM Mpisolo |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |

## Sahanasa faha 2

Jereo ny sary etsy ambany.

1. Lazao izay toetra na asa atao na toe-javatra hita amin'ny sary etsy ambany ka mety hatao EM.

2. Ampiasao ao anaty fehezanteny izany EM izany ary lazao amin'ny namana eo akaikinao izany.



11

# NY LAZAINA

## TANJONA

- Mamantatra sy mamaritra ny teny maneho ny zavatra ifotoran'ny resaka ao amin'ny fehezanteny

## LESONA HOTADIDIANA

Ny Lazaina na L dia anjara asan'ny teny na andian-teny maneho ny olona na biby na zavatra ifotoran'ny resaka ao amin'ny fehezanteny.
Matetika ny lazaina dia anarana na mpisolo izay manao ny asa na tompon'ny toetra ao amin'ny fehezanteny.

## Sahanasa voalohany

Indreto misy fehezanteny vitsivitsy. Tsipiho izay lazaina ao ary asio L eo ambaniny.

1. Tonga vao maraina androany i Neniraivo.
2. Mangatsiaka be ny andro any ivelany.
3. Mitarika ny zanany ho eny amorom-parihy i Zery gana.
4. Hariva ny andro.
5. Lafo ny akoho amam-borona any an-tsena.
6. Nanampy ny ankizy sy ny tanora nanadio ny efitrano fanaovana lanonana izahay.
7. Vokatra ny voasary any ambany vohitra.

## Sahanasa faha 3

Mamorona fehezanteny miainga amin'ireto teny ireto ka ataovy L izany teny izany.

Ny tranonay:

………………………………………………………………………………………

Ny ala any atsinanana:

………………………………………………………………………………………

Madagasikara:

………………………………………………………………………………………

Ny iray tampo:

………………………………………………………………………………………



## Sahanasa faha 2

Fenoy amin'ny iray amin'ireto teny na andian-teny ireto ny banga amin'ity sombin-tononkalo ity

| | |
|---|---|
| biby | -ko |
| ny lanitra | Andriamanitra |
| ianao | ala mikitroka |

**Doro tanety**

Fa ê, ry setroka marina mafy
Mipololotra ka mainty …………..
Ny tany malala nendaham-pitafy
Dia mbola ho faly amin'izao ve …………..?

Ny……………….. taza…. Teto
Kila sy hoto, midaraboka may
Ireo ……. tsy levona velona sento
Vokatry ny asan'ny manam-panahy

Koa raha izao no mitohy, inona sisa
Havela ho lovan'ny taranaka afara?
Mbola hino ve …….. fa ho paradisa
No amboarina isan'andro ho an'ity Gasikara?

***Michel RAZAFILAHY***
***in Vintsy, n°8, 1994***



TANJONA

- Manavaka ny tovona amin'ny tsirin-teny hafa
- Mamantatra ireo tovona misy amin'ny teny malagasy ary mahay mampiasa izany
- Mamantatra ny fiforonan'ny teny amin'ny alalan'ny fanovanana sy ny fiovan'ny endriky ny fototeny

LESONA HOTADIDIANA

## NY TOVONA

**1. Famaritana:**

Ny atao hoe tsirin-teny dia ireo teny kely manampy ny fototeny ka mipetraka eo alohan'ny fototeny, na ao aoriany , na eo aloha sy aoriany, na ao aorian'ny renifeo voalohany ao aminy.

Ny tovona dia ireo tsirin-teny izay mipetraka eo alohan'ny fototeny.

**2. Ny Karazana tovona**

Misy karazany roa ny tovona: ny tovona mivaky sy tovona tsy mivaky.

| Karazana | Tovona mivaky | Tovona tsy mivaky |
|---|---|---|
| Famaritana | azo soloina renifeo hafa ny renifeo voalohany ao aminy.<br>→ vakiny miova = ilay tapany voalohany<br>→ vakiny tsy miova = tapany faharoa | tsy azo sarahina na tsy azo ovaovana ny renifeo voalohany ao aminy |
| Ireo tovona mahazatra | m-Φ mody<br>m-a- matory<br>m-i- mijery<br>m-aha- mahatsara<br>m-ana- manasoa<br>m-an- mandona | Voa- voasazy<br>Tafa- tafatsiry<br>a- atao |

**Fanamarihana:**
Ny tovona f- dia tovona famoronana anarana
Oh: fianamboly ; fianarana

### 3. Ny fiovana rehefa mampiasa tovona

- Raha mitovy ny zanapeo fiafaran'ny tovona sy ny zanapeo fiatombohan'ny fototeny dia aravona ny zanapeo mitovy

  Oh: tovona mivaky m-aha- + ftt: azo
  mahazo (Mahazo sakafo izy.)

- Raha miafara amin'ny 'n' ny tovona (m-an- / m-ian-), ka miatomboka amin'ny renifeo 'f', 'v', 'p', 'b', ny fototeny dia:

  →miova ho 'm' ny 'n' fiafaran'ny tovona
  →alatsaka ny renifeo voalohany ao amin'ny fototeny, na manaraka ny lalàm-piovan-drenifeo

  Oh: tovona mivaky m-an- + ftt voa
  mamoa (Mamoa ny voaloboka.)
  tovona mivaky m-an- + ftt fetra
  Mametra (Mametra ny ankizy tsy hilalao any an-tokotany ny ray aman-dreny.)

- Raha miafara amin'ny 'n' ny tovona nefa miatomboka amin'ny renifeo hafa ilay fototeny dia alatsaka ny renifeo voalohany ao amin'ny fototeny na manaraka ny lalàm-piovan-drenifeo.

**Sahanasa voalohany**

Indro misy teny vitsivitsy : mamboly – tafavoaka – miresaka – mahatanty – manatsara – mandevina – mandreraka – voatsindry – mahay – aroso

1. Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tovona hita ao anatiny.

**Sahanasa faha 2**

Amorony teny amin'ny alalan'ny fampiasana tovona ireto fototeny ireto.
Avy eo, ampiasao ao anaty fehezanteny ilay teny.

| Fototeny | Fehezanteny |
|---|---|
| Refy | .......................................... |
| Hety | .......................................... |
| Valy | .......................................... |
| Antso | .......................................... |
| Jono | .......................................... |

| Fototeny | Fehezanteny |
| --- | --- |
| Velona | .......................................... |
| Tratra | .......................................... |
| Tefy | .......................................... |
| Satroka | .......................................... |
| Tapaka | .......................................... |
| Taratra | .......................................... |

# 13 NY FEHEZANTENY

## TANJONA

- Mamaritra ny fehezanteny sy ny fomba anavahana azy.

## LESONA HOTADIDIANA

Ny fehezanteny dia andian-teny na tohin-teny miantomboka amin'ny sora-baventy ary miafara amin'ny teboka, ahitana ny anjara asa EM sy L izany hoe mahalaza hevitra feno ary vakina amin'ny feo miakatra sy midina.

Ohatra : Miaro antsika amin'ny aretina maro ny fanasana tanana matetika amin'ny savony.
Milalalo baolina ny ankizy.

Ny Enti-milaza (EM) dia ny teny maneho ny asa na toetra na toe-javatra, manana ny anjara asa fototra, vakina amin'ny lantom-peo miakatra ao anatin'ny fehezanteny.

Ny Lazaina (L) dia ilay teny maneho izay manatanteraka ny asa, ny toe-javatra na ny toetra ao anatin'ny fehezanteny.

Ohatra: F1: Mampiditra fanamiana (EM) ny mpilalao (L).

F2: Mitabataba (EM) ny mpijery (L).

Misy karazany ny fehezanteny :

→ Fehezanteny tsotra

Ohatra : Mikarakara ny zanany ny ray aman-dreny.

→ Fehezanteny mandidy

Ohatra : Anaovy hatrany ny aro vava orona !

→ Fehezanteny manontany

Ohatra : Rahoviana ianao no ho tonga ?

### Sahanasa voalohany

Alamino ireto tohin-teny ireto mba hahazoana hevitra mazava sy ho tonga fehezanteny;

F1: Rabary eo am-baravarankely mitazana.

..................................................................................................................

F2 : Mpianatra tsara mianatra ny mazoto.

..................................................................................................................

F3: I salama tsy kely Lita.

..................................................................................................................

F4: Bema tsara efitranon'i madio ny.

..................................................................................................................



### Sahanasa faha 2

Mariho eo ambanin'ireto fehezanteny ireto ny Entimilaza sy ny Lazaina ary apetraho ny lantom-peo :

- Milalao baolina ny ankizy.
- Nahazo fandresena isika rehetra.
- Mianatra mafy ireo mpanala fanadinana.

### Sahanasa faha 3

Fenoy ny fafana

| Fehezanteny tsotra | Fehezanteny mandidy | Fehezanteny manontany |
|---|---|---|
| Manasa tanana amin'ny rano sy savony izy. | | |
| | Arovy ny tontolo iainana ! | |
| | | Rahoviana ianao no handalo aty aminay ? |

TANJONA

- Manavaka ny fototeny anatin'ireo matoanteny samihafa ary mamaritra ny hevitra ambarany

LESONA HOTADIDIANA

**NY FOTOTENY**

Ny fototeny dia ny fisintonana ireo teny kely misy heviny any anatin'ny matoanteny maro samihafa.

Ohatra : Nisy: n-isy
Nandroso: n- an- roso
dr
Nirotsaka: n- i- rotsaka

Misy fepetra ahafantarana ny fototeny :

→Tsy azo rasaina intsony

Ohatra : tia, tonga, petaka, vimbina, to, …..

→Tsy ahitana tsirinteny ao anatiny

Ohatra : rahona, rakotra, re

→Mety hanana vaninteny tokana, na 2, na 3, kanefa tsy mihoatra ireo.

Ohatra : fy, re (mivany tokana) ; dio, tsara (mivany roa) ; fantatra, afaka (mivany telo)

→Azo atao verindroa

Ohatra : lava= lavalava, poaka= poapoaka, hitsaka= hitsakitsaka
soa = soasoa, sasa = sasasasa, folaka = folapolaka,
tezitra = tezitezitra, …

Ny teny fohy indrindra misy heviny iray dia azo amoronana matoanteny maromaro samihafa

Ohatra: Asa: miasa, fiasana, mampiasa, fampiasana
Joro: mijoro, ijoroana, mampijoro, fampijoroana, fijoroana

Misy ireo fiovam-peo vokatry ny fanakambanana ny fototeny manomboka amin'ny renisoratra rehefa tovonana man-

- H miova G ohatra: Horona: mangorona / Hovitra: mangovitra
- R miova DR ohatra: Re: mandre / Ratra: mandratra
- L miova D ohatra: Lady: mandady / Lositra: mandositra
- Z miova J ohatra: Zavona: manjavona

## Lahatsoratra

**Ny valala**

Nisy zavatra toy ny rahona matevina manamaizina ny lanitra. Nandroso haingana nanatona ny tanàna izy io. Tsy orana anefa izany fa andiam-balala; nitsotra nihalavalava io zavatra toy ny rahona io, dia toa rovidrovitra ny sisiny ka valala no indreny nirotsaka nipoapoaka teny amin'ny tafon-trano… Rakotra azy ny lalana…..-"Valala e! valala e!"……. Nihazakazaka ny olona ary nohitsakitsahiny ny valala. Feo misamonimonina no re hatraiza hatraiza.

Ampahan-dahatsoratra nalaina tao amin'ny R.CARLE,
Eto Madagasikara, tak. 54

Lahatsoratra ahitana matoanteny maromaro amin'ny endrika samihafa ihany koa.

## Sahanasa voalohany

Rasao ireto teny ireto mba hanavahana ny tsirinteny sy ny fototeny mandrafitra ny matoanteny:

rovidrovitra: ……………………………………………………………………………

nipoapoaka: ……………………………………………………………………………

mivanaka: ……………………………………………………………………………

manatsara: ……………………………………………………………………………

## Sahanasa faha 2

Fenoy ny fafana, fantaro ny fototeny amin'ireto teny ireto ary mariho X ny vaniny.

| Teny | Mivany tokana | Mivany roa | Mivany telo |
|---|---|---|---|
| Famolahana | | | |
| Mijery | | | |
| Fahatongavana | | | |
| Mankafy | | | |
| Mandratra | | | |
| fankatoavana | | | |
| | | | |

**Sahanasa faha 3**

a) Omeo ny teny iraisan'ireto teny ireto:

- Ivesarana, manavesatra, mitambesatra, fitambesarana. ……………………….

- Mijoro, ijoroana, mampijoro, fampijoroana, fijoroana ……………………….

- Mitazana, tazanina, fitazanana, mapitazana ……………………….

- Mandre, fandrenesana, renesina,andrenesana ……………………….

b) Arafeto miaraka amin'ny tovona man- ireto teny manaraka ireto:

| | |
|---|---|
| efa: | hovitra: |
| horona: | ilika: |
| re: | lositra: |
| ongotra: | voraka: |
| ratra: | bosika: |
| lady: | gina: |
| zavona: | afaka |



# 15 NY LAHATSORATRA MANORITSORITRA

## TANJONA

• Eto dia: hanavaka ireo toetra ananan'ny lahatsoratra manoritsoritra sy handrafitra lahatsoratra manoritsoritra fohy isika

## LESONA HOTADIDIANA

Ny lahatsoratra manoritsoritra dia lahatsoratra maneho sy mandoko toe-javatra iray

Ohatra: olona, toerana, fitaovana,….

Misongadina amin'izany ny toetra, ny bika, ny endrika, ny habaka, ny fotoana sy ny toerana

Ohatra: loko, halehibe, hakelezana, haratsiana, hatsarana, halavirana, …..

Ahitana fitanisana toetra sy endrika maro

**Tsara ho fantatra :**

Ahoana no atao raha hamorona lahatsoratra fohy iray ?
- Omena lohateny ny lahatsoratra na tsia
- Asiana dingana telo mazava : teny fampidirana, teny famelabelarana, teny famaranana
- Satria hanoritsoritra no tanjona noho izany dia tokony ahitana fitanisana maromaro ao anaty lahatsoratra,
-Tsy manao fehezanteny lava, fa atao mazava tsara fotsiny

## Sahanasa voalohany

**Ambohimarina**

Ambohimarina dia tanàna makadiry, telonjato tafo. Miorina eo an-tampon-tanety malalaka izy. Ny trano dia madinidinika, milalotra fotsy ny ivelany, ny atiny raha lazaina ankapobeny dia madio, fa ny fahalotoana dia mahamenatra eo an-tanàna.

Izy rehetra dia milahatra manodidina ny kianja, ary eo ampovoan'ny kianja misy voarabe midoroboka, avo manerinerina, otronin'ny kininina manitra, mamerovero eran'ny tanàna. Ny



manodidina an'Ambohimarina dia tanimboly; ny ao ambany atsimo sy avaratra ary atsinanana dia tanimbary; ny ao ambany andrefana kosa dia saha mahafinaritra. Avy any atsimo dia misy ony makadiry miolikolika toy ny bibilava.

Emile RAZANAMINO.

Toromarika:

- Vakina milamina sy milanto tsara ny lahatsoratra
- Vakina mangina ny lahatsoratra
- Vakina ny lahatsoratra amin'ny feo antonony
- Vakina ny lahatsoratra sady manakatra ny fomba entin'ny mpanoratra maneho hevitra avy amin'ny mpamari-toetra

Ezahina valiana ireto fanontaniana ireto :

a) Omeo ny lohatenin'ny lahatsoratra ary lazao ny nanoratra azy.

b) Omeo ny teny mitovy hevitra amin'ireto: makadiry, madinidinika, miolikolika.

d) Tadiavo ny teny mifanohitra amin'ireto: mamerovero, mahafinaritra, malalaka.


e) Manao ahoana moa ny tanànan'Ambohimarina: endrika amam-bika, toetoetrany?

Fantariko avy ao amin'ny lahatsoratra ireto :

- Aiza no misy ilay tanàna Ambohimarina ? Hadiry, isan'ny trano, ny misy azy
- Manao ahoana ny endriky ny tanana raha jerena ivelany ? Ioko, ny habeny
- Manao ahoana ny toetry ny tanàna ? madio, maloto, milamina, mikorontana….
- Inona avy ireo zava-misy manodidina ny tanàna ? ary aiza ho aiza no ahitana izany ? afovoany, avaratra, ankavia, akaiky, …

**Sahanasa faha 2**

Diniho anie ity sary ity e!




a) Miainga amin'io sary hitantsika io :

- Mamamorona lahatsoratra tsotra iray manoritsoritra ity sekoly iray amin'ny sary ity, izay any Ambohimahatamana.
- Lazao amin'izany ny bika aman'endrikin'ny sekoly, ny toetran'ny toerana sy ny misy azy, ny zava-misy hita manodidina ny sekoly

b) Miainga amin'izay lahatsoratra vita eo, avaho ireo teny maneho fanoritsoritana hita tao





## TANJONA

- Mamaritra ireo hevitra fonosin'ny teny hoe "Tanindrazana"

## LESONA HOTADIDIANA

Teny roa no mandrafitra ny teny hoe Tanindrazana, dia ny hoe "tany" sy "razana". Ny tany ambara eto dia tsy ny tany diavina fa izay toerana nahaterahana sy onenana. Ny razana kosa dia ireo ray aman-dreny voalohany niandohana ka efa maty ary tsy hitan'ny maso na re intsony. Noho izany, ny Tanindrazana dia ny toerana nahaterahana, ny vohitra nonenan'ireo ray aman-dreny taloha ka nitahiry ny harenany sy ny fasany indrindra indrindra, ary mbola lovain'ny taranany aty aoriana. Voarakitra ao amin'ny Tanindrazana ny olona iray ra amin'ny tena, manana toetra sy fomba iombonana amin'ny tena. Toraka izany ny tantara, ny fiteny sy ny harena amam-bokatry ny tany ary izay zavamisy rehetra ao aminy.

Samy manana ny toerana niaviany ny Malagasy taloha, kanefa voafaritra ao anatin'ny Tanindrazana iombonana iray, dia i Madagasikara izany. Noho izany, tsy izay tanàna niaviantsika ihany no atao hoe Tanindrazana fa ity tany midadasika misy antsika ity dia i Madagasikara.

Ny olona rehetra miara-miaina sy mivelona eto Madagasikara no antsoina hoe "Firenena malagasy », ka ny tanindrazan'izy ireo dia io

tany niaviany io.

Araka izany, ny olona tia Tanindrazana dia olona mitsidika sy mikarakara ny tany niaviany. Olona tia tanindrazana ihany koa dia tsy maintsy mahay ny fitenim-pireneny, mahafantatra ny tantarany, ny fomban-taniny sy ny kolontsainy, ny toe-taniny ary ny harenany. Ilaina tokoa ny mahalala ny momba ny tanin'ny hafa; nefa amin'ny maha Malagasy anao dia tsy maintsy ny anao no tena hay tsara voalohany indrindra.

Manaja ny Tanindrazantsika isika rehefa manaja ny saim-pirenena sy ny hiram-pirenena ary ny soa iombonana. Adidintsika rahateo izany.



**Sahanasa voalohany**

LAHATSORATRA: NY TANINDRAZANA

Olona tia Tanindrazana ny olom-banona. Iza no tsy mahalala ny atao hoe "Tanindrazana", ary zovy no atoro azy indray? Ny Tanidrazana? Tsy inona fa io trano kely nahalatsahan'ny tavoninao itsy, iroa vohitra kely nomen'i Dada sy i Neny hatrizay iroa, izatsy fasana mirakitra ny taolam-balon'Ikakibe sy Inenibe izatsy, ity tany be midadasika anivon'ny riaka misy anao ity, voatentina tany mena mikatrana, ijoroan'ny hazo maitso tsy manam-piofona, tataovan'ny lanitra manga soa lalandava. Ny tanindrazana dia ity tany tsy fointsika ity : onenana ela tsy mahalao, ilaozana kely dia mahamanina, tiantsika tahaka ny itiavan'ny hafa ny azy, fa raha mandrobona ny any rehetra any, mba mitarotaroka ko any aty. Ny ombimanga no manimbolo miankandrefana, hanina any Bongolava niaviana, ny fon'olombelona koa no mametsovetso raha itenenan-tanindrazana, hanina ny akany nahafoizana.

Tsy ireo voalaza ireo ihany anefa no tanindrazana, fa toa vata volafotsy mirakitra vatosoa sarobidy ireo, fa mbola be koa no voafaoka ao anatiny. Azo antsoina hoe koa tanidrazana ny olona iray ra amin'ny tena, ny foko mitovy volon-koditra amin'ny tena, manan-toetra sy fomba iombonany amin'ny tena. Izany rehetra izany dia mbola atao hoe tanindrazana. Koa i Madagasikara no Tanindrazan'ny Malagasy foko valo ambin'ny folo. Na dia samy hafa fiaviana aza izy ireo tany ambadik'i Manareza, efa vary zato naharon'ny sompitra ankehitriny ary mpianakavy naira-nigoka ny mamy sy nitelina ny mangidy, ka velona iray trano, maty iray fasana, miompana amin'ireo teny roa hoe "Firenena Malagasy".

Tsy tokony hosarahina amin'ny Tanindrazana koa ny tantarany sy ny teniny ary ny harena amam-bokatry ny taniny. Ny tantarany aloha, fa ny tantara no boky volamena mitahiry ny fanaon'ny razambe velona fahizay sy ny hambonian'ny olomanga isan-karazany nipoiran'ny solofo taty afara. Manarakaraka izany, ny fiteniny, izay loharano tovozin-tsy ritra mampiboiboika ny fahendrena sy ny fihetseham-pon'ny razana fahagola. Farany, ny harena hamam-bokatray ny taniny, izay tsy tokony hatao ambany maso tsy hita, fa ireny no zanak'omby fahavaratra sady lalao no harena, ireharehan'ny Nosy eo imason'izao tontolo izao : ny alabetsimisotr'i Betsimisaraka izany, ny omby bilon'ny Sakalava, ny karamatsak'i Merina, ny varin'Alaotra, ny arintanin'i Sakoa, ny landin'i Betsileo sy ny hafa maro tsy voatonona.

Izany rehetra izany no Tanindrazana ka tsy maintsy ho fantatry ny ankizy raha vao vory saina izy, mba hitiavany azy bebe kokoa, fa tsy

misy tiana raha tsy fantatra. Tsy tokony handalana vola aman'anatra ny ankizy mba hitiavany tsara ny Tanindrazany: hahaizany tsy misy tomika ny taniny, hahafantarany tomombana ny tantarany, hahalalany tanteraka ny toe-tsainy. Tsara ny mahalala momba ny tany hafa: fiteny, fomba, kanefa izay mikasika ny tany nametrahan'Andriamanitra ny tena no tokony ho hay tsara voalohany indrindra.

**Régis RAJEMISA RAOLISON**
**in Tononkalo sy lahatsoratra n°6, tak.42-43**

TOROMARIKA

- I. Vakio ny lahatsoratra ary Ajao ny lantom-peo mandritra izany.

- II. Valio ireto fanontaniana manaraka ireto
  - 1. Olona manao ahoana no tia Tanindrazana?
  - 2. Inona no atao hoe "Tanindrazana"?
  - 3. Iza no Tanindrazan'ny Malagasy? Nahoana?
  - 4. Inona avy ireo zavatra tsy azo sarahina amin'ny Tanindrazana?

- III. Tsipio izay voalaza ao amin'ny lahatsoratra
  - 1. Tsara ho fantatra ny tantaran'ny firenena satria:
    - →a. mampitombo ny fahalalan'ny olona izany.
    - →b. mirakitra ny fanaon'ny razana teo aloha.
    - →d. ahazoana naoty tsara any an-dakilasy.
  - 2. Tsy azo sarahina amin'ny Tanindrazana ny fiteny satria:
    - →a. ilaina hifaneraserana izany.
    - →b. mampifandray ny olona izany.
    - →d. mitahiry ny fahendrena sy ny fihetseham-pon'ny razana izany.

- IV. Lazao raha marina na diso ny voalazan'ireto fehezanteny ireto. Ahitsio raha diso
  - 1. Tsy ilaina ny mahay ny fiteny sy ny fomban'ny firenena hafa.
  - 2. Miteraka fitiavan-tanindrazana ny fahalalan'ny ankizy ny hevitry ny teny hoe "Tanindrazana".



**Sahanasa faha 2**

Diniho anie ireto sary ireto e!

**sary 1**



**sary 2**



**sary 3**



**sary 4**



- 1. Ao anaty vondrona, mifanakaloza hevitra raha maneho fitiavan-tanindrazana ny sary na tsia.
- 2. Lazao amin'ny iray kilasy aminao ny tsao-kevitra hitanareo iray tarika.

## TANJONA

- Manavaka ny tsirin-teny sara-droa amin'ireo tsirinteny hafa:
- Mamantatra ny karazantsirin-teny sara-droa misy amin'ny teny Malagasy amin'ny ankapobeny
- Mamantatra ny fiovana endriky ny fototeny ampanovonana sy ampanovanana

## LESONA HOTADIDIANA

**A. Famaritana**

Ny tsirin-teny sara-droa dia ireo tsirin-teny mipetraka eo aloha ary ao aorian'ny fototeny.

**B. Ny firafiny:**

vakiny tsy miova + Fototeny + tovana (-ana / -ina)

| Tsirin-teny sara-droa | Vakiny tsy miova | Fototeny | Fanita-pototeny na fanita-pototeny | Tovana | Teny |
|---|---|---|---|---|---|
| Φ ……-ana/ina | Φ | Resa (ka) | Φ | -ina | resahina |
| i-…-ana/ina | i- | faly >> i | Φ | -ana | ifaliana |
| | i- | vely >> e | z- | -ana | ivelezana |
| a ….. ana/ina | a- | tory >> i | Φ | -ana | atoriana |
| an-….-ana/ina | an- | rai | -d- -s- | -ana | andraisana |
| | an- | (s)oratr(a) >> t | Φ | -ana | anoratana |
| aha-….-ana/ina | Aha- | tonga | v- | -ana | ahatongavana |
| Anka - …-ana/ ina | anka | hery >> e | z | -ana | ankaherezana |

**D.Ny fiovana rehefa mampiasa tovona**

Mitovy amin'ny fiovana ateraky ny fampiasana ireo tovona sy ny tovana ireo.

**Sahanasa voalohany**

Indro misy teny vitsivitsy :

Fahalebeazana, Fianarana, Resahina, Ijoroana, Anoratana

1.Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tsirin-teny ao anatiny.

2.Lazao ny karazana tsirin-teny hita isaka ny teny.

**Sahanasa faha 2**

Amorony teny amin'ny alalan'ny fampiasana tsirin-teny sara-droa ireto fototeny ireto.

Avy eo, ampiasao ao anaty fehezanteny ilay teny.

Jery: ……………………………………………………………………………

Oty: ……………………………………………………………………………

Anatra: …………………………………………………………………………..

Fantatra: ………………………………………………………………………

Reraka: ………………………………………………………………………..





# NY FANITA-POTOTENY – NY TSOFOKA

**TANJONA**

- Manavaka ny tsirin-teny fanita -pototeny sy tsofoka amin'ireo tsirinteny hafa:
- Mamolaka ny fiforonan'ny sampanteny amin'ny ankapobeny.

**LESONA HOTADIDIANA**

## I. NY FANITA-POTOTENY

Misy fotoana tsy afaka tovonana na tovanana avy hatrany ny fototeny. Miteraka fitsiriana feo vaovao ao anatiny izay. Izany no antsoina hoe fanatsaram-peo ( -s- ;-z- ;-v-; -n-).

Ohatra: la     la -v- ina     Aza lavina ny fangatahako.

Ny fanita-pototeny dia fanatsaram-peo ampiana zanapeo. Mety ho -an-; -az-; -av- izany.

Ohatra: Ampo     ampo-iz-ina Ampoizina ny fihavian'ny orana amin'izao fotoam-pahavaratra izao.

## II. NY TSOFOKA

### A. Famaritana

Ny tsofoka dia ireo tsirin-teny ao aorian'ny renifeo voalohany ao amin'ny teny itsofohany.

### B. Karazany

Misy roa ny karazana tsofoka:

- 1. Ny tsofoka fanatevenana fototeny: mipetraka ao aorian'ny renifeo voalohany amin'ny fototeny, ary feo roa hatrany (zanapeo

arahina renifeo.

Ireo tsofoka fanatevenana fototeny fahita matetika: -al-; -ar-; -om-; -in-; -il-; -ir-; -or-; -ot-

Ohatra:

| | | |
|---|---|---|
| -al- | t -al- esaka | Namaky vilia talesaka ny saka. |
| -om- | s – om – ary | Somary sahirana aho izao. |
| -in- | f -in- aritra | Finaritra ny ankizy nahazo fanomezana. |

• 2. Ny tsofoka fanatevenana tovona mivaky: mipetraka eo anelanelan'ny vakiny miova sy vakiny tsy miova.

Ohatra:

| | | |
|---|---|---|
| -amp- | m-amp-a-tory | Mampatory ilay tantara. |
| -if- | m-if-an-dimby | Mifandimby mihira ny ankizy. |
| -ifank- | m-ifank-aha-lala | Mifankahalala izy ireo. |
| -ifamp- | m-ifamp-a-toky | Mifampatoky izahay mianadahy. |

**Sahanasa voalohany**

Indro misy teny vitsivitsy :

- Tomany
- Homana
- Renesina
- Mampanjaitra

1. Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tsirin-teny ao anatiny.
2. Lazao ny karazana tsirin-teny hita isaka ny teny. Porofoy ny valinteninao.



**Sahanasa faha 2**

1.Amorony teny amin'ny alalan'ny fampiasana tsirin-teny fanitapototeny sy/na tsofoka ireto fototeny ireto.

2. Avy eo, ampiasao ao anaty fehezanteny ilay teny.

Jery: ……………………………………………………………………

Tombana: ……………………………………………………………………

Tady: ……………………………………………………………………

Sasa: ……………………………………………………………………

Tia: ……………………………………………………………………

19

# NY ASA

## TANJONA

- Manakatra ny hasarobidin'ny asa avy amin'ny fandinihana lahatsoratra.

## LESONA HOTADIDIANA

**1. Famaritana**

Fomba fampihetsehana ny vatana sy ny saina amam-panahy ka mandreraka azy nefa ahazoana vokatra ny asa.

Raharaha na zavatra atao isan'andro mba hahazoam-bola na valin-kasasarana, hamelomana ny tena sy ny ankohonana ary hanaovana adidy.

**2. Ireo sokajin'asa**

Azo sokajina toy izao ny asa, arakaraka ny toerana anaovana azy sy ny zavatra takina amin'ny fanatontosana azy :

- Asa mitaky herin-tsaina: asa mampihetsika sy mandreraka bebe kokoa ny saina noho ny vatana. Ampiasana ny saina hianatra alohan'ny hanaovana azy. Fahita betsaka an-drenivohitra toy ny mpiasa birao, mpampianatra, mpitsabo, mpiasan'ny fitsarana, mpanakanto…

- Asa mitaky herim-batana: asa mampihetsika sy mandreraka bebe kokoa ny vatana noho ny saina; fahita matetika eny ambanivohitra ary foto-piveloman'ny Malagasy toy ny fambolena sy fiompiana ary fanjonoana…

• Asa mitaky herim-batana sy herin-tsaina miaraka : tsy afa-misaraka ny vatana sy ny saina amam-panahy rehefa miasa ny olona iray. Mety handringa sy ho ratsy ny vokatra azo raha banga ny iray amin'ireo. Mila fahaiza-manao na talenta ny fanaovana izany, toy ny varotra sy ny asa tanana: tenona, rary, zaitra, taovolo, rafitra ...

**Ohabolana sy oha-pitenenana**

Ohabolana sy oha-pitenenana momba ny asa :

- "Ny asa atao an-kira toa vita tsy natao."
- "Zararao ny raharaha : ny tapa-tanana miandry ondry, ny tapatongotra mitoto vary."
- "Asa vadi-drano tsy vita raha tsy ifanakonana."
- "Mindram-pangady lohataona ka maniraka ny tompony hiasa"

## Lahatsoratra : Asa samihafa

Misy karazany maro ny asa ary samy manana ny hasiny avy izy ireny. Betsaka toy izany koa ny karaza-mpiasa. Ao ny mpamboly sy mpiompy izay tena miantoka ny aim-pirenena. Ao ny mpanao taozavatra samihafa: ny mpanenona, ny mpandrary… izay tsy latsa-danja noho ireo teo aloha satria mamboatra ireo zavatra rehetra ilaina amin'ny fiaimpiainan'ny tokantrano: ny lambamena, ny jiafotsy, ny satroka…

Ao koa ireo mpiasa hafa rehetra tsy àry ho voatanisa nefa samy manana ny maha izy azy avokoa eo amin'ny fikarakarana sy fampandrosoana ny fiainam-pirenena. Fa ny tsapa dia miandahy miambavy ny isam-pianakavina, araka ny vanintaona. Jereo fa mikarakara ny fambolena sy ny fiompiana ny lehilahy, mandrary ny zaza amam-behivavy, mivarotra anana Rasoa, mijinja vary I Solo… Mahavariana sy mahabe fanantenana ny mahita izany. Eny, ny asa, ary ny asa irery ihany izay vita tsara sy ikirizana no hany afaka hanondrotra ny fari-piainan'ny tsirairay sy ny isam-pianakaviana ary ny isam-paritany.



## Sahanasa voalohany

Fanadihadiana lahatsoratra

a- Fenoy ny fafana

| Asa mitaky herim-batana | Asa mitaky herim-batana sy herin-tsaina miaraka |
| --- | --- |
| | |

b- Lazao ny vokatra azo avy amin'reo asa voatanisa ireo:

| asa | vokatra |
| --- | --- |
| | |
| | |
| | |
| | |

d- Hazavao ao anaty fehezanteny efatra fa miantoka ny aim-pirenena ny fambolena sy ny fiompiana:

……………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………

## Sahanasa faha 2

a) Farito amin'ny fehezanteny roa ny atao hoe asa.

..................................................................................................................

..................................................................................................................

b) Tanisao ireo karazana asa fantatrao.

..................................................................................................................

..................................................................................................................

d) Manomeza ohatra roa isaky ny sokajin'asa fantatrao.

..................................................................................................................

..................................................................................................................

## Sahanasa faha 3

Hazavao ao anaty fehezanteny dimy ity ohabolana ity:
"Zararao ny raharaha: ny tapa-tanana miandry ondry, ny tapa-tongotra mitoto vary."

..................................................................................................................

..................................................................................................................

..................................................................................................................

..................................................................................................................

..................................................................................................................

..................................................................................................................

..................................................................................................................

..................................................................................................................





### TANJONA

- Mamantatra ny atao hoe fikirizana sy herim-po avy amin'ny fanadihadiana asa soratra.

### LESONA HOTADIDIANA

Ny toetra takin'ny asa dia ireto avy:

- Fikirizana
- Fitiavana ny asa
- Fiezahana mampitombo ny fahalalana mahakasika ny asa
- Ny herim-po

Raha tiana handroso ny asa dia mila ananana ireo toetra ireo

### Lahatsoratra

Nanofa efitra iray lehibe tao Antananarivo aho. Noeferiko lamba io ho tonga trano fandriana sy trano fiasana. Zaitra an-tsena aloha no nataoko, ary dia izany no namidiko isan-joma teny Analakely. Tsy ela dia fantatr'olona aho, ary tsy nilaina intsony ny nandeha nivarotra teny an-tsena, fa ny olona nampanjaitra tany an-trano aza tsy arako. Niezaka hamita ny asako ara-dalàna aho, vokatry ny fitaizana azoko, ary nampitombo ny fitokisan'ny olona ahy izany.

**RANDRIAMIADANARIVO**
**In Voromby, tak.100**

### Sahanasa voalohany

Fanadihadiana lahatsoratra

a-Inona no asa resahina eto?

b-Mahavelona tsara ve io asa resahina io?

d-Inona no nampahomby ny asany?

e-Manao ahoana ny toe-tsaina nentiny niatrika ny asany?

### Sahanasa faha 2

a-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra ny antony iasana.

b-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra ny tombon-tsoa amin'ny asa atao.

d-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra ny toetra tokony hananana hampandroso ny asa.

### Sahanasa faha 3

a-Manomeza ohatra asa roa fantatrao mitaky herin-tsaina

b-Manomeza ohatra asa roa mitaky herim-batana.

d-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra fa mitondra soa ho an'ny firenena ireo asa mitaky herim-batana nosafidinao.

e-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra fa mitondra soa ho an'ny firenena ireo asa mitaky herin-tsaina nofidinao.





TANJONA

- Manavaka ny tovana amin'ny tsirin-teny hafa
- Mamantatra ny karazana tovana fahita
- Mamantatra amin'ny ankapobeny ny fiovana endrika hita ao amin'ny fototeny notovanana

LESONA HOTADIDIANA

## NY TOVONA

**A.Famaritana**

Ny tovana dia ireo tsirin-teny izay mipetraka aorian'ny fototeny. Indro ny tovana mahazatra

| Tovana | Ohatra |
|---|---|
| -ina | Antsoina |
| -ana | Sangiana |
| -o | Sasao |
| -a | Mivoria |
| -y | totoy |

**B.Ny fiovana rehefa mampiasa tovana**

- Ho an'ny fototeny tsy miafara amin'ny -ka, -tra, -na fa miafara amin'ny -y nefa tsy azo tovanana avy hatrany ny fototeny, dia misolo ho 'e' io faranteny io, ary miavaka tsara ny zanapeo voalohany amin'ny tovana -ina na -ana, ary ampiana fanatsaram-peo na fanita-pototeny 's' na 'z' na 'v' eo anelanelan'ny fototeny syn y tovana.

Oh : venty ventesina (Ventesina ny hira. )

- Raha miafara amin'ny -ka, -tra, -na ny fototeny dia alatsaka ny zanapeo 'a' ary manaraka ny lalam-piovan-drenifeo :

  'k' miova ho 'h' na 'f'
  'tr' miova ho 't' na 'r' na 'f'
  'n' miova ho 'm'

  Oh: Vokatra >> vokarina (Vokarina ny tsaramaso.)

**Sahanasa voalohany**

Indro misy teny vitsivitsy. Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tovana hita ao anatiny.

hiraina, herezina, sotroina, arovana, sotroina, sokafana: , kapohy, tereo, torio

Rasao ireo teny ireo ka omeo ny fototeniny sy ny tovana hita ao anatiny.

**Sahanasa faha 2**

Amorony teny amin'ny alalan'ny fampiasana tovana ireto fototeny ireto.

Avy eo, ampiasao ao anaty fehezanteny ilay teny.

| | |
|---|---|
| Refy | Tratra |
| Hety | Tefy |
| Valy | Satroka |
| Antso | Tapaka |
| Jono | Taratra |
| Velona | |



# 22 NY FEHEZANTENY TSO-DRAFITRA

## TANJONA

- Mamantatra sy mandrafitra fehezanteny tso-drafitra
- Mahafolaka ny teknikan'ny fandrasana sy ny rafi-pehezateny tso-drafitra ary mampiasa izany
- Manoratra fehezanteny tso-drafitra

## LESONA HOTADIDIANA

**Fanamaritana**

Ny rafi-pehezanteny dia voafaritry ny toeran'ny enti-milaza (EM) sy ny lazaina (L) ao anaty fehezan-teny.

Rehefa ny enti-milaza (EM) no mialoha ny lazaina (L) dia tso-drafitra izay ilay fehezanteny.

| Antony | Fitsipika | Ohatra |
|---|---|---|
| Tiana hasongadina ny enti-milaza (EM) | EM + L | Matory ny zaza. |

## Sahanasa voalohany

Rasao ireto fehezanteny manaraka ireto.

Fzt 1: Mafana ny andro.

Fzt 2: Faly i Rova sy i Bera.

Fzt 3: Hotapahina ilay hazo eo andrefana

Fzt 4: Namboly voamanga izahay sy i Dadabe.

Fzt 5:. Lava ny fotoam-pivavahana androany.

## Sahanasa faha 2

Mamorona fehezanteny tso-drafitra avy amin'ireto teny ireto.

1. Tsena:

.......................................................................................................................

2. Harena:

.......................................................................................................................

3. Miramirana:

.......................................................................................................................

4. Atsimo:

.......................................................................................................................





### TANJONA

- Manavaka ny fehezanteny mivadi-drafitra
- Mamantatra sy mandrafitra fehezanteny mivadi-drafitra
- Mahafolaka ny teknikan'ny fandrasana sy ny rafi-pehezateny mivadi-drafitra ary mampiasa izany
- Manoratra fehezanteny mivadi-drafitra

### LESONA HOTADIDIANA

**Fanamaritana**

Rehafa manoratra fehezanteny mivadi-drafitra dia ny lazaina (L) no soratana mialohan'ny enti-milaza (EM).

| Fehezanteny | Antony | Fitsipika | Ohatra |
|---|---|---|---|
| tso-drafitra | Tiana hasongadina ny enti-milaza (EM) | EM + L | Matory ny zaza. |
| mivadi-drafitra | Tiana hamafisina ny lazaina (L) | L + **dia** + EM<br>L+ **no** + EM | Ny zaza dia matory.<br>Ny zaza no matory. |

2. **Fanamarihana**

- Tsy miova ny hevitry ny fehezanteny tso-drafitra rehefa atao ho mivadi-drafitra izy.

- Azo ovana ho tso-drafitra ny fehezanteny mivadi-drafitra ary azo ovana ho mivadi-drafitra ny fehezanteny tso-drafitra.

## Sahanasa voalohany

Rasao ireto fehezanteny manaraka ireto.

Fzt 1: Dadatoa Robera no filohan'ny fokontaninay.

Fzt 2: Ny fiteniny dia tsy azoko.

Fzt 3: Ilay hazo eo andrefana no hotapahina.

Fzt 4: Ny asa dia mafy.

Fzt 5: I Zara no nitomany.

## Sahanasa faha 2

Avereno soratana ireto fehezanteny ireto ka atomboy amin'ny teny ao anaty fonon-teny ny fehezanteny.

Ohatra: Ravan'ny rivo-doza io trano io. (Io trano io)
Io trano io dia ravan'ny rivo-doza.

1. Hijinja izay nafafiny ny tsirairay. (Ny tsirairay)

2. Nangalarin'ny saka ny laokanao. (Ny saka)

3. Nangalarin'ny saka ny laokanao. (Ny laokanao )

4. A: Iza amin'ireo no rahavavivao?
   B: Io vehivavy manao solomaso io no rahavaviko. (Rahavaviko)



## Sahanasa faha 3

1. Ao anaty vondrona, vakio ny lahatsoratra.
2. Tsimpony ka avereno soratana izay fehezanteny mivadi-drafitra.

LAHATSORATRA: TAPITRA NY HAINTANY!

I Bera bitro sy i Rova saka dia mpinamana hatry ny ela. Indray andro, hoy i Bera tamin'i Rova.

« Ndao isika hitsangatsangana any amoron-drano. Reraka aho izany. »

"Ndao ary e!", hoy i Rova. "Sady misy hazo maintso mavana azo ialofana tsara izay any!"

Nony tonga teny amoron-drano …

"Oay! Bera a! Fa toa maina ilay hazo be nidoroboka tery! Ny tany koa dia karakaina!"

"Iza izany mitomany izany? » Hoy i Bera.

"Mmm mmmmm mmmmm", hoy ny hazo. "Haintany anie izao e! Nihena be ny rotsakorana, efa ho taona iray izao. Ny renirano atsy avaratra moa dia ritra mihitsy!"

Nitaraina i Zara omby. "Karakaina ny tany ka tsy misy bozaka maniry hataonay sakafo. Noana izahay! »

"Ao fa horesahinay ny olombelona. Izy ireo no hamboly hazo. Ho avy indray ny orana amin'izay." Hoy i Bera sy i Rova.

Maro ny hazo novolen'ny olombelona. Avy indray ny orana. Niverina tamin'ny laoniny ny rotsakorana ka ampy ny rano. Naniry ny bozaka aman'ahitra. Maintso ery ny tontolo! Voky ry Zara mianakavy. Tsy ritra intsony ny renirano. Faly ery i Rova sy i Bera milomano tao an-drenirano na dia avy aza ny orana. Tapitra ihany ny haintany!

# 24 NY FOTOTENY VERINDROA

## TANJONA

- Mamantatra ny karazam-pototeny: fototeny verin-droa.
- Mamantatra ny hevitra ambaran'ny fanaovana "verin-droa".

## LESONA HOTADIDIANA

Atao verin-droa ny fototeny rehefa alefahana ny heviny.

- 1. Raha tsy miafara amin'ny -ka ; -tra, -na ny fototeny atao verindroa, dia averina indroa fotsiny ilay teny.

- 2. Raha miafara amin'ny -na ny fototeny ka :
  - miatomboka amin'ny zanapeo, dia alatsaka ny zanapeo «'a' ao amin'ny '-na' fiafaran'ny teny, vao averinafanondroany ny teny ;
  - miatomboka amin'ny renifeo 'b' sy 'p' ar 'v' sy 'f', izay miova ho «'b' sy 'p' ; dia alatsaka ny zanapeo 'a' ao amin'ny '-na' fiafaran'ny teny, ary ovaina 'm' ny 'n', vao averina fanindroany ny teny ;
  - miantomboka amin'ny reni-feo «'m' na 'n', dia alatsaka manotolo ny '-na' fiafaran'ny teny, vao averina fanindroany ny teny ;
  - miatomboka amin'ny renifeo hafa, dia alatsaka ny zanapeo 'a' ao amin'ny fiafaran'ny teny, vao averina fanindroany ny teny ary manaraka ny lalàm-piovan-drenifeo ny renifeo fiatombohany.

Ireto izany fiovan-drenifeo izany:

**h** miova **k**
**l** miova **d**
**r** miova **dr**
**s** miova **ts**
**z** miova **j**

3. raha miafara amin'ny -ka; -tra ny fototeny atao verindroa, ka:
- miatomboka amin'ny zanapeo sy renifeo 'h', dia alatsaka ny zanapeo 'a' ao amin'ny -ka, -tra fiafaran'ny teny, vao averina fanindroany ny teny;
- miatomboka amin'ny renifeo ankoatra ny 'h', dia alatsaka manontolo ny -ka, -tra fiafaran'ny teny, vao averina fanindroany ny teny ary manaraka ny lalàm-piovan-drenifeo ny fiatombohany.

### Sahanasa voalohany

Avereno indroa ireto fototeny ireto.

| | |
|---|---|
| Fohy; | Rano; |
| Heno; | Very; |
| Ritra; | Tsara; |
| Paika; | Redy; |
| Fanina; | |

### Sahanasa faha 2

Indro misy lahatsoratra fohy.

Tonga ny fahavaratra. Avy matetika ny orana ary mandrivotra ihany ko any andro. Saika tondraka daholo ny renirano eny rehetra eny. Indraindray moa dia tapaka mihitsy ny hazo. Difotra ny ankamaroan'ny voly sy ny tanimbary. Mampatahotra ny kotroka sy ny tselatra.

1. Tsimpony ny fototeny miafara amin'ny -ka, -tra, -na ao amin'io lahatsoratra io.
2. Omeo ny fototeny verindroa azo avy aminy.
3. Soloy azy ireo ny fototeny niaingany tao amin'ilay ampahan-dahatsoratra.



### Sahanasa faha 3

Anontanio ny namanao rehefa inona izy no mampiasa ny fototeny verindroa.

Mety ary ve ny mampiasa matetika fototeny verindroa rehefa miresaka amin'olona iray?

# 25 NY ENDRIKY NY FOTOTENY

TANJONA

- Mamantatra ny fototeny ary manavaka izany.

LESONA HOTADIDIANA

**Famaritana:**

Ny teny faran'izay tsotra indrindra misy heviny, tsy ahitana teny niaviany intsony, ary azo amoronana teny hafa, dia antsoina hoe fototeny.

Ny feo indray manonona dia antsoina hoe vaninteny.
Izay vaninteny iray tononina mafy no mitondra ny tsindrim-peo.
Misy telo ny endriky ny fototeny:

- Mitsatoka: teny mivany tokana, mitondra tsindrim-peo.
- Mingadona: teny mivany roan a mihoatra, ka ny vaniny faharoa avy any amin'ny farany no mitondra ny tsindrim-peo.
- Mitsaikona: teny mivany telo na mihoatra, ka ny vaniny fahatelo avy any amin'ny farany no mitondra ny tsindrim-peo.

Marihina fa miafara mandrakariva amin'ny ka-, tra-, na- ireo teny mitsaikona ireo.

**Paika hamantarana ny endriky ny fototeny:**

Avahana ny vaninteny ao anatiny, lazaina ny isany.
Fantarina avy eo ny laharann'y vaninteny mitondra ny tsindrim-peo.
Lazaina ny endriky ny fototeny na: mitsatoka, na mingadona na mitsaikona.

## Sahanasa voalohany

1- Lazao raha teny tsotra tsy manana teny hafa niaviany intsony ireto: sosa , lavaka

2- Mety amoronana teny hafa ve izy ireo? Manomeza ohatra.

3- Lazao hoe misy vaninteny firy avy ireto fototeny ireto:

arika, tapaka, joro, rava, zo, toto, sakana,

4- Apetraho ny tsindrim-peo.

5- Lazao ny laharany:

6- Omeo ny endrik'ireo fototeny ireo:

## Sahanasa faha 2

1- Tadiavo ny fototeny isaky ny teny izay atolotra eto:

Mandratra, sarihana, lena, Mankato

2- Amorony teny telo hafa avy izy tsirairay, raha mety.

3- Lahaharana fahafiry avy any amin'ny farany amin'ireo vaninteny no mitondra ny tsindrim-peo?

4- Atambaro àry izay fototeny mitsatoka, ny mingadona, ary ny mitsaikona amin'ireo.

## Sahanasa faha 3

1- Lazao ny fototeny iombonan'ireto teny ireto

Tarafina, mitaratra, fitarafana, mifampitaratra

Miasa, asaina, fiasana, mampiasa, fiasa

2- Mitadiava :

→ Fototeny mitsatoka efatra

→ Fototeny mingadona efatra

→ Fototeny mitsaikona efatra